## MINISITERAN' NY PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA

Noho ny fanapahana laharana faha-01/01-OMERT/DG/L nataon' ny *Office malagasy d'études et de régulation des télécommunications*, tamin' ny 30 novambra 2001, ny fahazoan-dàlana mandritra ny folo (10) taona dia omena ny *GULFSAT téléphonie* sampan' ny sosaiety *GULFSAT Madagascar*, ho fametrahana sy fitantanana tambajotra an-telefaonina *VSAT* misokatra ho an' ny besinimaro amin' ny faritra tsy misy telefaonina ao Vangaindrano, Mananara-Avaratra, Maroantsetra, Belo/Tsiribihina, Sakaraha, Mandritsara, Ambilobe, Bealanana, Fandriana, Tsaratanàna, Ankazobe, ahafahana mamonona sampan-draharahan' ny fifandraisan-davitra eto an-toerana sy iraisam-pirenena amin' ny alàlan' ny toerana natao ho an' ny besinimaro sy ny tambajotra natao ho an' ny eo an-toerana mampiasa tohizam-by amin' ny metaly roa na "coaxiaux", na aminà taram-pahazavana, fitaovana radioelektrika na ara-pahazavana, ny fitaovana elektromagnetika na fomba ara-teknika hafa mitovitovy amin' izany.

Ny sampan-draharahan' ny fifandraisan-davitra anton' ny fahazoan-dàlana dia ireto manaraka ireto :

– Sampan-draharahan' ny telefaonina eto an-toerana sy iraisam-pirenena;

– Sampan-draharahan' ny *télégraphie;*

– Sampan-draharahan' ny *publiphone;*

– Sampan-draharahan' ny fivarotana indray ny fahafaha-mifandray eo amin' ny samy tanàn-dehibe ka ao anatin' izany ny famonosana lalàm-pifandraisana na zotram-pifandraisana hofaina na voatokana;

## MINISTERE DES POSTES ET TELECOMMUNICATIONS

Par décision n° 01/01-OMERT/DG/L de l'Office malagasy d'études et de régulation des télécommunications, en date du 30 novembre 2001, une licence d'une durée de dix (10) ans est délivrée à GULFSAT téléphonie, filiale de la Société GULFSAT Madagascar, pour l'installation et l'exploitation d'un réseau téléphonique VSAT ouvert au public permettant de fournir dans les localités non desservies de Vangaindrano, Mananara-Avaratra, Maroantsetra, Belo/Tsiribihina, Sakaraha, Mandritsara, Ambilobe, Bealanana, Fandriana, Tsaratanàna, Ankazobe, des services de télécommunications nationaux et internationaux par des points d'accès publics et des réseaux d'accès locaux utilisant des câbles à paires métalliques, coaxiaux, ou à fibre optique, un système radioélectrique ou optique, un système électromagnétique ou d'autre procédé technique semblable.

Les Services de télécommunication objets de la licence sont les suivants :

– Services de téléphonie nationale et internationale;

– Services de télégraphie;

– Services de publiphone;

– Service de revente de capacité interurbaine y compris la fourniture de lignes et circuits loués ou spécialisés;



– fampanofana, fametrahana sy fikojakojàna ny fitaovana sy fampitaovana momba ny fifandraisana; ary

– famononana tambajotra ho an' ny olon-kafa hampiasainy manokana.

Ny fanomezan-dàlana noraketina am-boky eo amin' ny laharana faha-01/01, dia omena amin' ny anaran' ny tompony ka tsy azo afindra amin' olon-kafa.

Ny fanomezan-dàlana, anton' ity fanapahana ity dia omena araka ny fepetra manokana momba ny fanajana ny famarafaran-teny voalazan' ny bokin' andraikitra atovana izao fanapahana izao.

Ny fananganana ny ankapoben' ny tambajotra anton' ity fanomezan-dàlana ity dia vatsiana amin' ny alàlan' ny tahiry ho fampandrosoana ny fifandraisan-davitra voasoritry ny didim-panjakana laharana faha-99-191 tamin' ny 10 marsa 1999. Ny habetsahan' ny fanampiana sy ny fomba fandrotsahana izany dia voalaza ao amin' ny bokin' andraikitra.

Ny habetsahan' ny sara momba ny fanomezan-dàlana dia ferana ho dimampolo tapitrisa Iraimbilanja (50 000 000 Ia), aloa indray mandeha amin' ny *OMERT*, amin' ny fotoana anomezana ny fahazoan-dàlana.

Ny fisahanan' asa ataon' ny tompony dia hampiasa ny onjam-peo izay atovana amin' ny bokin' andraikitra ny lisitra.

Ny fe-potoana mampanan-kery ny fahazoan-dàlana dia manomboka ny vaninandro anaovana sonia ity fanapahana ity.

Ny bokin' andraikitra atovana ity fanapahana ity dia mety hisy fanovàna arakaraka ny fivoatra ny firafitry ny didy amam-pitsipika mifehy ny sehatry ny fifandraisan-davitra eto Madagasikara.

– Location, installation et entretien de matériels et équipements de communications; et

– Fourniture de réseaux à usage privé à des tiers.

La licence enregistrée sous le numéro 01/01, est délivrée à titre personnel à son titulaire et ne peut en aucun cas être transférée à un tiers.

La licence, objet de la présente décision, est octroyée sous la condition exclusive du respect des clauses du cahier des charges annexé à la présente décision.

L'établissement de l'ensemble du réseau objet de la licence est subventionné par le biais du Fonds de développement des télécommunications défini par le décret n° 99-191 du 10 mars 1999. Le montant de la subvention et ses modalités de versement sont spécifiés dans le cahier des charges.

Le montant du droit de licence est fixé à cinquante millions de francs malgaches (50 000 000 FMG) payable en une seule fois à l'OMERT, lors de l'octroi de la licence.

Le service fourni par le titulaire utilisera les fréquences dont la liste est annexée au cahier des charges.

La durée de validité de la licence court à partir de la date de signature de la présente décision.

Le cahier des charges annexé à la présente décision pourrait faire l'objet de modifications compte tenu de l'évolution du cadre réglementaire régissant le secteur des télécommunications à Madagascar.